# Ilay Voa Tsara Nafafy 21 Mey 2020

# 21 Alakamisy mey

***(Hoy Jesosy tamin'i Maria :)*** **Aza manendry Ahy ; fa tsy mbola niakatra tany amin'ny Ray Aho ; fa mandehana mankany amin'ny rahalahiko, ka lazao aminy hoe : Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo Aho, ary ho any amin'Andriamanitro sy Andriamanitrareo. Dia tonga Maria Magdalena ka nilaza tamin'ny mpianatra hoe : Efa nahita ny Tompo aho ; sady izany teny izany no nolazainy taminy.** Jaona 20. 17-18

## Nahita ny Tompo izy

*Nalaina tao amin'ny Filazantsara (Jaona 20. 11-16)*

„Fa Maria nijanona nitomany teo ivelan'ny fasana ; ary raha nitomany izy, dia niondrika nitsirika ny tao am-pasana, ka nahita anjely roa nitafy lamba fotsy nipetraka teo, ny anankiray teo an-doha tamin'ilay nandrian'ny fatin'i Jesosy, ary ny anankiray teo an-tongotra. Ary hoy ireo taminy :

— Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany ? Dia hoy izy taminy :

— Satria nalain'olona ny Tompoko, ka tsy fantatro izay nametrahany Azy.

Rehefa nilaza izany izy, dia nitodika ka nahita an'i Jesosy nitsangana teo, nefa tsy fantany ho Jesosy. Hoy Jesosy taminy :

— Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany ? Iza no tadiavinao ?

Nataony fa mpiandry saha Izy, ka hoy izy taminy :

— Tompoko, raha Ianao no naka Azy teto, lazao amiko izay nametrahanao Azy, ary izaho dia haka Azy. Hoy Jesosy taminy :

— Ry Maria !

Dia nitodika izy ka niteny taminy nanao teny Hebreo hoe : Rabôny ! izany hoe : Mpampianatra ô."

*„Mandehana, hoy Jesosy, mankany amin'ny rahalahiko,*
*Satria miakatra ho any amin'Andriamanitro Aho,*
*Ho any amin'ny Raiko sy Rainareo,*
*Ho an'ny amin'Andriamanitro sy Andriamanitrareo".*

*Nitondra izany hafatra izany izy,*
*Hafatra tena mahafinaritra,*
*Manakoako amin'ny vanimpotoana rehetra mifandimby,*
*Tsy miova nefa vaovao.*

*Ianao izay mitady Mpanavotra velona sy mahery,*
*Eo amin'ny fiainana,*
*Hevero ny fahasoavana tsy ritra*
*Omen'Ilay Lehibe Mpandresy ny fahafatesana.*
*Aoka ho Jesosy no hany Tompo*
*Sy sakaizan'ny fonao,*
*Satria ny mitia sy mahafantatra Azy*
*No ahitana fahasambarana !*

*Ruth Demaurex*